Lesona 1 hatao ny 4 Jolay, 2026




# NY ASA FANOMPOAN'I PAOLY TAO KORINTO


“Ary ny Tompo niteny tamin'i Paoly tamin'ny fahitana nony alina ka nanao hoe: ‘Aza matahotra, fa mitenena ihany, ka aza mangina; fa Izaho momba anao, ary tsy hisy olona hihazona anao hanisy ratsy anao; fa manana olona maro amin'ity tanàna ity Aho’ ”
(Asa 18:9, 10)

Ny Epistily ho an'ny Korintiana no epistily lava indrindra nosoratan'i Paoly, manaraka ny Epistily ho an'ny Romana.

Herinandro vitsy monja no elanelana nanoratana ireo taratasy roa tavela ireo. Torohevitra azo ampiharina handaminana toe-javatra sarotra vokatry ny disadisa misy eo amin'ny mpirahalahy no hitantsika ao anatiny.

Mba hahatakarana tsara ny hafatra ao anatiny, dia tsy maintsy fantatsika aloha ny tontolo-kevitra manodidina ny nanoratana azy.





- Ny fiantsoana an'i Paoly
- Ny dia nankany Korinto
- Ny tanànan'i Korinto
- Ny Korintiana
- Ny taratasy ho an'ny Korintiana



# NY FIANTSOANA AN'I PAOLY

"Paoly Apostoly - tsy avy tamin'olona, na tamin'ny alalan'olona, fa tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy sy Andriamanitra Ray, Izay nanangana Azy tamin'ny maty—" (Galatiana 1:1)

Ankoatra ireo roa ambin'ny folo lahy nofidin'i Jesosy, dia miresaka momba ny apostoly hafa toa an'i Matia (Asa 1:26), Barnabasy (Asa. 14:4), Jakoba ary Paoly (1 Korintiana 15:7-9) ny Baiboly.



| | |
|---|---|
| Ahoana no nahatonga an'i Paoly ho apostoly? | Satria nofidin'i Jesosy (Gal. 1:1) |
| Oviana izy no voafidy? | Hatrany an-kibon-dreniny (Gal. 1:15) |
| Oviana izy no nantsoina? | Teny an-dalana ho any Damaskosy (Asa 22:6-7) |
| Apostoly ho an'iza? | Hankany amin'ny Jentilisa (Gal. 2:9) |



Hatramin'ny fotoana niantsoana azy, dia Jesosy no ivon'ny fiainan'i Paoly manontolo. Nisaintsaina an'i Jesosy izy, niresaka momba an'i Jesosy, nizara an'i Jesosy tamin'ny olona rehetra. Noho izany antony izany, hatramin'ny fotoana voalohany nahatongavany tany Korinto, dia i Jesosy no ivon'ny hafatrany (1 Kor. 2:2).

# NY DIA NANKANY KORINTO

*"Ary rehefa afaka izany, dia niala tany Atena Paoly ka nankany Korinto"* (Asa 18:1)




Tamin'ny dia misionera faharoa nataony, dia noteren'ny Fanahy Masina nankany Eoropa i Paoly (Asa 16:6-10). Tany izy no noroahina avy tao Filipy (Asa 16:12, 38-39), tao Tesalonika (Asa 17:1, 5, 9-10), ary tao Beria (Asa 17:13-14).



Tao Atena, rehefa avy nitory tamin'ny Jiosy tao amin'ny synagoga sy tamin'ny jentilisa teny an-tsena izy, dia nantsoina hitory teny tao amin'ny Areopago (Asa 17:16-21). Olona vitsy ihany no nandray an'i Jesosy, taorian'ny lahateny tsara nataony (Asa 17:34).

Niala tao Atena i Paoly, ka nankany Korinto ary niaraka tamin'i Akoila sy Prisila, izay niray asa taminy tamin'ny fanaovana lay (Asa 18:1-3).





Araka ny fanaony, dia nanomboka nitory tamin'ny Jiosy tao amin'ny synagoga izy, ary avy eo tamin'ny Jentilisa (Asa 18:4-8). Nandritra ny nitoerany tao Korinto, sy taorian'ny "fahadisoam-panantenana" tany Atena, dia nanapa-kevitra i Paoly fa tsy hampiasa fahendren'olombelona, fa hitory an'i "Jesosy Kristy izay efa voahombo tamin'ny hazo fijaliana" ihany (1 Korintiana 2:2).

# NY TANÀNAN'I KORINTO

"Toy ny misy 'andriamanitra' maro sy 'tompo' maro"
(1 Korintiana 8:5b)



Noravan'i Roma i Korinto tamin'ny 146 TIK. Tatỳ aoriana, dia nandefa mpanjanaka nahitana miaramila tsy am-perinasa intsony sy olona afaka i Jules César tamin'ny 46 TIK. Tafaverina tanteraka tamin'ny toerany ilay tanàna tamin'ny 44 TIK. Tamin'ny fotoana nitsidihan'i Paoly azy, dia efa lasa foibe ara-barotra lehibe izy.



Ny toerana nisy azy, izay teo amin'ny andilan-tanin'i Korinto, no maha-zava-dehibe an'i Korinto, miaraka amin'ireo seranan-tsambo ara-barotra roa lehibe: Léchaion, eo amin'ny hoalan'i Korinto; ary Kenkrea, eo amin'ny hoalan'i Saronique.

Nahafahan'i Paoly niasa tamin'ny fanaovana sy fivarotana lay ny asa fivelomany. Kanefa ny haren'i Korinto (izay mifampitaha tamin'ny an'i Atena) dia nisy lafy ratsiny maro.




Ny fanompoan-tsampy sy ny fahalotoam-pitondrantena dia nameno ny tanàna ary nanenika ny kolontsainy. Ny ankamaroan'ny hafatr'i Paoly ho an'ny Korintiana dia fiezahana hanafoana ireo olana izay misoko tao amin'ny fiangonana ireo.



# NY KORINTIANA

"Ary ny Tompo niteny tamin'i Paoly tamin'ny fahitana nony alina ka nanao hoe: 'Aza matahotra, fa mitenena ihany, ka aza mangina'" (Asa 18:9)





Nanohitra ny hafatra ny Jiosy tao Korinto, ka voatery niala tao amin'ny synagoga i Paoly ary nanomboka nivory niaraka tamin'ny Jentilisa tao amin'ny trano iray teo akaikin'ny synagoga (Asa 18:4-7).

"Ny faharatsiam-pitondrantena hitany teo amin'ny Jentilisa, ny fanaovana tsinontsinona sy ny fitenenan-dratsy azony avy tamin'ny Jiosy dia nampitebiteby azy. Nisalasala izy, sao tsy fahendrena ny manadrana manorina fiangonana avy amin'ny fitaovana nisy tao" (EGW Vavolombelona Mahery. p. 218).





Tamin'izay indrindra no nisehoan'i Jesosy tamin'ny fahitana tamin'ny alina mba hampahery an'i Paoly hanohy ny asany teo anivon'ny Korintiana, sady nanome toky azy fa maro no handray ny hafatra (Asa 18:9-10).

Nijanona tao Korinto nandritra ny herintaona sy tapany rehefa nahazo fampaherezana tamin'ny alalan'io fahitana io i Paoly (Asa 18:11). Nentin'ny Jiosy teo anatrehan'ny fitsarana i Paoly tamin'ny farany (Asa 18:12-13). Tamin'ny fotoana nialany tao Korinto, dia efa tafatsangana ny fiangonana lehibe iray (Asa 18:18).

# NY TARATASY HO AN'NY KORINTIANA

“Fa efa voalazan'ny avy amin'ny ankohonan'i Kloa tamiko ny amin'ny toetrareo, ry rahalahiko, fa misy fifampiandaniana eo aminareo”
(1 Korintiana 1:11)

## 1 Korntiana 1-6

Nampahafantarin’i Kloa an'i Paoly ny fisian'ny olana maro tao am-piangonana, ka nahatonga azy hanome fananarana momba ny: fisaraham-bazana; fahalotoam-pitondrantena; fifandirana; ary ny fijangajangana.

## 1 Korintiana 7-16

Nitondra taratasy mirakitra fanontaniana maromaro avy amin’ny fiangonana momba ny lohahevitra manokana izay novalian’i Paoly ihany koa ny fianakavian’i Kloe: fanambadiana; fisaraham-panambadiana; ny maha-mpitovo; ny hena naterina tamin’ny sampy; fitondran-tena amin'ny fanompoam-pivavahana; ny fampiasana fanomezam-pahasoavana; ary ny fitsanganana amin’ny maty.

## 2 Korintiana

Ity no epistily faharoa izay voatahiry, na dia nanoratra maro aza i Paoly (angamba talohan’ireo roa tavela sy/na teo an'elanelan’izy ireo). Nidera ny Korintiana izy noho ny fomba nandaminany olana sasany, kanefa nampirisika azy ireo izy hijery an'izao tontolo izao amin’ny alalan’ny fomba fijerin’ny filazantsara, mba ho fisorohana ny fitaoman’ny kolontsaina manodidina.









“Ny mpitondra hafatry ny Tompo ao amin'ny tanàn-dehibe dia tsy tokony hanaiky ho azon'ny fahakiviana noho ny fandozana, ny tsy fisian'ny rariny sy ny hitsiny, ny faharatsiam-panahy tojo azy eny am-piezahana hilaza amin'ny olona ny vaovao mahafaly momba ny famonjena. Andriamanitra no fampiononana ho azy ireo. Halefan'Andriamanitra ho azy ny hafatra nomeny ny Apostoly Paoly fony izy tao amin'ny tanàna feno faharatsian'i Korinto manao hoe: “Aza matahotra, fa mitenena ihany, ka aza mangina: fa Izaho momba anao, ary tsy hisy olona hihazona anao hanisy ratsy anao; fa manana olona maro amin'ity tanàna ity Aho.” Asa 18:9,10...

[...] Fa na firy na firy no mety ho isan'ny heloka sy ny faharatsiana vitan'ny tanàna tsirairay, dia mbola ho hita ao ihany koa ireo fanahy vonona ho tonga mpianatr'i Jesosy raha ampianarina ara-dalàna. Afaka hahatarika olona an'arivony handray an'i Kristy ho Mpamonjy ny tenany ny hafa-pamonjena”

EGW (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 232, 233)